Fa tao aminy (tao amin'ilay
Zanak'Andriamanitra)
no nahariana ny zavatra
rehetra
any an-danitra sy ety an-tany,
dia ny hita sy ny tsy hita...
Izy no nahariana ny zavatra
rehetra
sady ho Azy izany,
Ary Izy no talohan'ny zavatra
rehetra,
sady ao aminy no aharetan'ny
zavatra rehetra.

Kolosiana 1 and. 16 sy 17

Koa izany dia tahaka ny
nidiran'ny ota
avy tamin'ny olona iray
ho amin'izao tontolo izao,
ary ny ota no nidiran'ny
fahafatesana,
ka nahatratra ny olona
rehetra ny fahafatesana,
satria samy efa nanota izy
rehetra.

Romana 5 and. 12

Fa aseho avy any an-danitra
ny
fahatezeran’Andriamanitra
amin’ny faharatsiana rehetra
sy ny tsy fahamarinan’ny
olona,
izay misakana ny
fahamarinana
amin’ny fanaovan-dratsy.

Romana 1 and. 18

Ary hoy ny anjely taminy:
Aza matahotra fa indro
milaza teny soa mahafaly
aminareo aho,
dia fifaliana lehibe
izay ho an'ny olona rehetra
fa Mpamonjy no teraka ho
anareo anio
ao an-tanànan'i Davida,
dia Kristy Tompo.

Lioka 2 and. 10 sy 11

Fa toy izao no
nitiavan'Andriamanitra
izao tontolo izao:
nomeny ny Zanany
lahitokana,
mba tsy ho very izay rehetra
mino Azy,
fa hanana fiainana
mandrakizay.

Jaona 3 and. 16

Fa fahafatesana no
tambin’ny ota ;
ary fiainana mandrakizay
no fanomezam-pahasoavana
avy amin’Andriamanitra
ao amin’i Kristy Jesosy
Tompontsika.

Romana 6 and. 23

Ary tahaka ny nanandratan’i
Mosesy
ny menarana tany an’efitra
no tsy maintsy hanandratana
(eo amin’ny hazofijaliana)
ny Zanak’olona
(ny Tompo Jesosy),
mba hanana fiainana
mandrakizay
izay rehetra mino Azy.

Jaona 3 and. 14

Inona no... hataoko mba hovonjena aho? Minoa an'i Jesosy Tompo dia hovonjena ianao.

Asa 16 and. 30 sy 31

Raha miaiky ny fahotantsika
isika,
dia mahatoky sy marina Izy
ka mamela ny fahotantsika
sy manadio antsika
ho afaka amin'ny
tsy fahamarinana rehetra.

Jaona 1 and. 9

Nefa Izy (i Jesosy Kristy)
dia voalefona noho ny
fahadisoantsika
sy notorotoroina noho ny
helotsika.
Ny fampijaliana
nahazoantsika fihavanana
no namelezana Azy;
ary ny dian-kapoka taminy
no nahasitranana antsika.

Isaia 53 and. 5

Isika... mino Ilay
nanangana an'i Jesosy
Tompontsika
tamin'ny maty,
izay natolotra noho ny
fahadisoantsika
ka natsangana indray ho
fanamarinana antsika.

Romana 4 and. 24

Ny ran’i Jesosy
Zanany
no manadio antsika
ho afaka amin’ny ota
rehetra.

1 Jaona 1 and. 7

Jesosy... nanao hoe:
Mino ny Zanak'Andriamanitra
ve ianao?
Ralehilahy namaly,
ka nanao hoe:
Iza moa no Izy, Tompoko,
mba hinoako Azy?
Hoy Jesosy taminy:
Efa nahita Azy ianao,
sady izao miresaka aminao
izao no Izy.
Ary hoy izy:
Tompoko, mino aho.
Dia niankohoka teo
anatrehany izy.

Jaona 9 and. 35-38

Izany no nosoratako
taminareo
izay mino ny
Zanak'Andriamanitra
mba ho fantatrareo fa
manana fiainana
mandrakizay ianareo.

1 Jaona 5 and. 13

I Jesosy Kristy,
Ilay Zanak'Andriamanitra
nanao hoe :
Aza matahotra,
Izaho no Voalohany sy Farany,
dia Ilay velona ;
efa maty Aho, nefa,
indro velona mandrakizay
mandrakizay
sady manana ny
fanalahidin'ny
fahafatesana sy ny fiainan-tsy
hita.

Apokalypsy 1 and. 17 sy 18

Jesosy Kristy,
Vavolombelona marina sy
Lahimatoa amin'ny maty
ary Lehiben'ny mpanjaka
amin'ny tany.
Ho an'izay tia antsika
ka namaha antsika
ho afaka tamin'ny fahotantsika
tamin'ny rany;
sady efa nanao antsika ho
fanjakana,
dia mpisorona ho
an'Andriamanitra Rainy, -
Ho Azy anie ny fanjakana
sy ny voninahitra
mandrakizay mandrakizay.
Amena.

Apokalypsy 1 and. 5 sy 6